		6 0 6 2	Cotisations caisse de retraites civiles et militaires
		6 0 6 3	CPR
		6 0 6 4	Cotisations aux OSIE
		6 0 6 8	Autres charges sociales patronales
6 1	ACHATS DE BIENS		
	6 1 1	Achats de biens de fonctionnement général	
		6 1 1 1	Fournitures et articles de bureau
		6 1 1 2	Imprimés, cachets et documents administratifs
		6 1 1 3	Consomptibles informatiques
		6 1 1 4	Produits, petits matériels et menues dépenses d'entretien
		6 1 1 5	Petits outillages et fournitures d'atelier
		6 1 1 6	Instruments spécialisés
		6 1 1 7	Habillement
	6 1 2	Achats de biens à usage spécifique	
		6 1 2 1	Fournitures scolaires
		6 1 2 2	Consommables médicaux
		6 1 2 3	Produits pharmaceutiques
		6 1 2 4	Produits vétérinaires

		6 1 2 5	Produits alimentaires
		6 1 2 6	Intrants agricoles
		6 1 2 7	Fournitures sportives
		6 1 2 8	Fournitures ménagères
	6 1 3	Carburants, Lubrifiants et combustibles	
		6 1 3 1	Carburants et Lubrifiants
		6 1 3 2	Gaz
		6 1 3 8	Autres combustibles
	6 1 6	Variation des stocks	
		6 1 6 1	Variation des stocks de biens de fonctionnement général
		6 1 6 2	Variation des stocks de biens à usage spécifique
		6 1 6 3	Variation des stocks de carburants, lubrifiants, et combustibles
		6 1 6 8	Variation des stocks d'autres achats
	6 1 8	Autres achats	
		6 1 8 1	Achats de matières premières
		6 1 8 2	Achats de marchandises destinées à être revendues
		6 1 8 3	Emballages
6 2	ACHATS DE SERVICES ET CHARGES PERMANENTES		
	6 2 1	Entretien et maintenance	
		6 2 1 1	Entretien de bâtiments
		6 2 1 2	Entretien des autres infrastructures
		6 2 1 3	Entretien de véhicules
		6 2 1 4	Entretien de matériels techniques
		6 2 1 5	Entretien et réparation des matériels et mobiliers de bureau
		6 2 1 6	Entretien et réparation des matériels et mobiliers de logement
		6 2 1 7	Entretien et réparation des matériels et mobiliers scolaires
		6 2 1 8	Maintenance du matériel informatique
	6 2 2	Charges de représentation, d'information, de documentation et d'encadrement	
		6 2 2 1	Fêtes et cérémonies officielles
		6 2 2 2	Charges de représentation : visites officielles
		6 2 2 3	Documentation et abonnement
		6 2 2 4	Impression, reliures, insertions, publicité et promotion
		6 2 2 5	Frais de Colloques, séminaires, conférences
		6 2 2 6	Foires, exposition
	6 2 3	Charges de transport	
		6 2 3 1	Frais de déplacement intérieur
		6 2 3 2	Frais de déplacement extérieur
		6 2 3 3	Location de voitures
		6 2 3 4	Transport administratif
		6 2 3 5	Transport de biens
	6 2 4	Indemnités de mission	
		6 2 4 1	Indemnités de mission intérieure
		6 2 4 2	Indemnités de mission extérieure
		6 2 4 3	Viatique

	6 2 5	Eau et électricité	
		6 2 5 0	Eau et électricité
	6 2 6	Poste et télécommunications	
		6 2 6 1	Frais postaux
		6 2 6 2	Redevances téléphoniques
		6 2 6 3	Redevances téléphoniques mobiles
		6 2 6 4	Internet
		6 2 6 5	Télex
		6 2 6 8	Autres
	6 2 7	Charges locatives	
		6 2 7 1	Location d'immeuble de bureau
		6 2 7 2	Location d'immeuble de logement
		6 2 7 3	Location d'immeuble de bureau-logement
		6 2 7 4	Location de terrain
		6 2 7 5	Location de matériels
		6 2 7 8	Autres charges locatives
	6 2 8	Services divers	
		6 2 8 1	Rémunérations d'intermédiaire et honoraires
		6 2 8 2	Frais d'études et de recherches
		6 2 8 3	Frais de stage et de formation
		6 2 8 4	Assurances
		6 2 8 5	Services bancaires et assimilés
		6 2 8 6	Cotisations et divers
		6 2 8 7	Personnels extérieurs au service
		6 2 8 8	Contrats de prestations de services
CLASSE 7 : COMPTES DES PRODUITS			
7 5	CONTRIBUTIONS REÇUES DES TIERS		
	7 5 1	Subvention d'exploitation - État	
		7 5 1 1	Dotation globale de fonctionnement - EPP
		7 5 1 2	Dotation globale de fonctionnement - CSB
		7 5 1 3	Dotation globale de fonctionnement - État civil
		7 5 1 8	Dotation globale de fonctionnement - Autres

Fiches acteurs

PRÉPARATION DU BUDGET

Avant Août

- Préparation, en concertation avec le COSAN, du PTA du CSB sur la base du montant de la dernière dotation reçue
- Transmission du PTA du CSB au Maire pour la préparation du Programme santé du Budget Primitif

**1^{ère} quinzaine
mois d'Août**

- Participation, avec voix consultative, au débat du Conseil communal sur le Programme santé du Budget Primitif

Septembre N

- Expression de l'avis sur la conformité du Programme santé au PTA du CSB destiné au DRSP
- Affichage du Programme santé du Budget Primitif et du PTA au panneau d'affichage du CSB

**Janvier
Mars N+1**

- Vérifie avec le Secrétaire comptable le calcul de l'écart entre la dotation effectivement reçue et la dotation inscrite au Budget Primitif
- Vérifie avec le Secrétaire comptable le calcul de l'écart entre les dépenses du Programme santé et les dotations encaissées constatées au compte administratif de l'exercice précédent
- En fonction du montant des ressources en plus ou en moins constatées, ajustement du PTA en concertation avec le COSAN et transmission au Maire pour préparation du Budget Additionnel
- Participation, avec voix consultative, au débat du Conseil communal sur le Programme santé du Budget Additionnel
- Cadrage du PTA et affichage du PTA cadré et du Programme santé du Budget Additionnel au panneau d'affichage

EXÉCUTION DU BUDGET

**Janvier -
Décembre N+1**

- Expression des besoins : établissement des Demandes d'Autorisation d'Engagement (DAE)
- Participation à la réception des commandes des biens ou services destinés au CSB et signature des PV de réception
- Prise en charge des biens reçus dans la comptabilité matières du CSB

**Fin chaque trimestre
+ 20 jours**

- Établissement du rapport trimestriel d'exécution du PTA en concertation avec le COSAN et affichage au CSB
- Communication du rapport au Médecin Inspecteur et au Maire

FICHE ACTEUR**MÉDECIN INSPECTEUR****Permanent**

- Suivi du fonctionnement des CSB
- Mise à jour de la liste des CSB effectivement fonctionnels et transmission à la DRSP
- Appui conseil et contrôle des CSB

**Fin chaque trimestre
+ 20 jours**

- Réception des rapports trimestriels d'exécution des PTA des CSB
- Identification des problèmes rencontrés par les CSB dans la gestion des dotations

**Fin chaque trimestre
+ 40 jours**

- Établissement du rapport trimestriel et transmission au DRSP

FICHE ACTEUR**DIRECTEUR RÉGIONAL DE LA SANTE PUBLIQUE****Permanent**

- Réception des listes des CSB effectivement fonctionnels produites par les Médecins Inspecteurs
- Mise à jour de la liste des CSB fonctionnels relevant de la DRSP
- Transmission de la liste des CSB à jour au MSANP/ DGR
- Appui conseil et contrôle des CSB

Janvier N+1

- Réception du budget d'exécution (état C3) de la DRSP
- Notification aux Communes du montant de la dotation CSB

Avant fin avril N+1

- Réception de la lettre de demande de transfert pour la 1^{ère} tranche de la dotation
- Vérification :
 - Ouverture sous-compte CSB
 - Programme santé du Budget Primitif approuvé par le Conseil communal
- Mandatement de la 1^{ère} tranche de la dotation CSB

Avant fin octobre N+1

- Réception de la lettre de demande de transfert pour la 2^{ème} tranche de la dotation
- Vérification :
 - Production par la Commune du compte administratif approuvé par le Conseil communal
 - Programme santé du Budget Additionnel approuvé par le Conseil communal
- Mandatement de la 2^{ème} tranche de la dotation CSB

**Fin chaque trimestre
+ 40 jours**

- Réception des rapports trimestriels des Médecins Inspecteurs
- Identification des problèmes rencontrés par les CSB dans la gestion des dotations

**Fin chaque trimestre
+ 60 jours**

- Établissement du rapport trimestriel et transmission au MSANP / DGR

Avant Août N

- Réception du PTA du (des) CSB
- Préparation du Programme santé du Budget Primitif de la Commune en concertation avec les Commissions santé et finances du Conseil communal et le(les) Chef(s) CSB

1^{ère} quinzaine
mois d'Août

- Présentation du projet de Budget Primitif au Conseil communal

Septembre N

- Transmission du Budget Primitif voté au représentant de l'État pour contrôle de légalité
- Transmission du Programme santé du Budget Primitif au(x) Chef(s) CSB
- Affichage du budget voté au panneau d'affichage de la Commune

Janvier N+1

- Réception de la notification de la dotation CSB

Janvier - Mars N+1

- Calcul de l'écart entre la dotation effectivement reçue et la dotation inscrite au budget primitif
- Calcul de l'écart entre les dépenses du Programme santé et les dotations encaissées constatées au compte administratif de l'exercice précédent
- Notification de ces écarts au(x) Chefs CSB pour ajustement des PTA
- Préparation du Programme santé du Budget Additionnel de la Commune en concertation avec les Commissions santé et finances du Conseil communal et le(s) Chef(s) CSB
- Présentation du Projet de Budget Additionnel au Conseil communal
- Transmission du Budget Additionnel voté au représentant de l'État pour contrôle de légalité
- Transmission du Programme santé du Budget Additionnel au(x) Chef(s) CSB
- Affichage du budget voté au panneau d'affichage de la Commune

Janvier -
Décembre N+1

- **Recettes :**
 - Émission des ordres de recette pour le transfert de la 1^{ère} tranche (avant fin avril) et le transfert de la 2^{ème} tranche (avant fin octobre) de(s) Dotation(s) CSB
- **Dépenses :**
 - Engagement comptable
 - Passation des commandes (consultation de fournisseurs / prestataires)
 - Signature des bons de commande et marchés
 - Liquidation des dépenses (attestation de service fait)
 - Émission des ordres de dépense
- **Comptabilité :**
 - Comptabilisation des engagements, des émissions des ordres de dépenses et des ordres de recettes

Janvier - Mars N+2

- Production du compte administratif
- Demande du certificat de conformité au Trésorier communal
- Soumission à l'approbation du Conseil communal du compte administratif
- Transmission au représentant de l'État du compte administratif approuvé pour contrôle de légalité
- Affichage des réalisations du Programme santé au panneau d'affichage des CSB

Permanent

- Participation avec voix consultative à tous les débats sur les projets de budget (primitif, rectificatif, additionnel)

Avant Janvier N+1

- Ouverture du sous-compte dotation CSB

**Janvier -
Décembre N+1**

- **Recettes :**
 - Contrôle de régularité des ordres de recettes
 - Recouvrement des ordres de recette
- **Dépenses :**
 - Contrôle de régularité des ordres de dépenses
 - Paiement des ordres de dépense
- **Comptabilité :**
 - Enregistrement de l'encaissement des recettes et du paiement des dépenses

Janvier - Mars N+2

- Production du compte de gestion
- Établissement du certificat de conformité du compte administratif au compte de gestion

LE CONTENU DE LA PRÉSENTE PUBLICATION RELÈVE DE LA SEULE RESPONSABILITÉ DE SON AUTEUR
ET NE PEUT EN AUCUN CAS ÊTRE CONSIDÉRÉ COMME REFLÉTANT L'AVIS DE L'UNION EUROPÉENNE.

PHOTO DE COUVERTURE : UNICEF



CE MANUEL EST RÉALISÉ PAR LE PROJET *NY FANJAKANA HO AN'NY DAHOLOBE* (NFD) FINANCÉ PAR L'UNION EUROPÉENNE



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

TOROLALANA

MOMBA NY **PAIKADY FITANTANANA**
NY **FANOMEZAM-BOLA CSB**

HO AN'IREO KAOMININA AMBANIVOHITRA
SOKAJY FAHAROA

Martsa 2020

Ny laharam-pahamehana voalohany nofaritan'ny *Initiative Émergence Madagascar (IEM)* dia mahakasika indrindra ny fanamafisana ny fototra ara-tsosialy, indrindra ny fahafaha-misitraka tsy mitanila ny tolotra ara-pahasalamana mahafa-po ho an'ny mponina rehetra amin'ny alàlan'ny fametrahana ny paikady miompana amin'ny Fampisitrahana Fahasalamana lombononan'ny rehetra (CSU). Tsy mitsaha-mitombo ireo filàna mikasika ny fahasalamana, kanefa ankilan'izany dia tsy ampy ireo hoenti-miatrika. Manan-danja tokoa noho izany ny hiantohana ny fitantanana voakajy sy mahomby ireo hoenti-manana mba hahazoana vokatra misimisy kokoa, ary hahatratrarana ihany koa ireo tanjona noferana.

Ho amin'izany, mba hanatsarana ny famatsiam-bola ireo sampan-draharahan'ny fahasalamana ifotony ary koa mba hiantohana ny fampiasana tsaratsara kokoa azy ireo eo anivon'ireo mpisitraka, ny Governemanta malagasy dia nanao fanavaozana miompana amin'ny famindrana amin'ireo Kaominina ireo tetibola fampandehanan-draharahan'ireo Tobim-pahasalamana fototra (CSB). Ny didim-panjakana laharana faha-2019-2117 tamin'ny 20 novambra 2019 no mamaritra ireo fombafomba fitantanana ireo sorabola hatolotra ireo Tobim-pahasalamana fototra eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, izay tondroina hoe « Fanomezam-bola CSB ».

Hazavain'izao raki-kevitra izao ny fandaminana, ireo paikady fitantanana ny « Fanomezam-bola CSB » ary koa ireo andraikitra sy anjara araharahan'ireo mpisehatra samihafa voakasika.

Manainga ireo Ben'ny Tanàna, Mpanolotsain'ireo Kaominina, ireo mpitan-kaonty ara-panjakana eo anivon'ireo Kaominina, ireo mpiasan'ny Ministeran'ny Fahasalamana voakasika, ireo rafitra fanaraha-maso izahay mba handalina ny vontoatin'izao torolàlana izao ary hampihatra izany antsakany sy andavany ho amin'ny fitantanana tsara ireo fanomezam-bola CSB ankinina amin'ireo Kaominina sy ho amin'ny fanatsarana ny fanolorana raharaha fototra sy ho fanomezana fahafaham-po ireo mpila raharaha.

Ny Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka	Ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana	Ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola
		
Pr AHMAD Ahmad	RAZAFIMAHEFA Tianarivelo	RANDRIAMANDRATO Richard

Fanafohezan-teny

ACPX	: Avis de Consultation de Prix (<i>Filazana fampitaham-bidy</i>)
ARMP	: Autorité de Régulation des Marchés Publics (<i>Manamahefa Mpandrindra ireo fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana</i>)
BA	: Budget Additionnel (<i>Tetibola Fanampiny</i>)
BP	: Budget Primitif (<i>Tetibola Fiandohana</i>)
CAO	: Commission d'Appel d'Offres (<i>Vaomieran'ny Fiantsoana Tolo-bidy</i>)
CF	: Contrôle Financier (<i>Fanaraha-maso ara-pitantanam-bola</i>)
CNM	: Commission Nationale des Marchés (<i>Vaomieram-pirenena momba ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana</i>)
COSAN	: Comité de Santé (<i>Komitin'ny Fahasalamana</i>)
CRM	: Commission Régionale des Marchés (<i>Vaomieram-paritra momba ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana</i>)
CR2	: Commune rurale de deuxième catégorie (<i>Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa</i>)
CSB	: Centre de Santé de Base (<i>Tobim-pahasalamana Fototra</i>)
CSU	: Couverture Santé Universelle (<i>Tolotra Fahasalamana ho an'ny Daholobe</i>)
DAE	: Demande d'Autorisation d'Engagement (<i>Fangatahana Fanomezan-dàlana hanao Sora-panekena</i>)
DAO	: Dossier d'Appel d'Offres (<i>Antontan-taratasy Fiantsoana Tolo-bidy</i>)
DGR	: Direction Générale des Ressources (<i>Foibem-pitondrana Ankapoben'ny Hoenti-manana</i>)
DRCF	: Direction Régionale du Contrôle Financier (<i>Foibem-pitondram-paritry ny Fanaraha-maso ny Fitantanam-bola</i>)
DRSP	: Direction Régionale de la Santé Publique (<i>Foibem-pitondram-paritry ny Fahasalamam-bahoaka</i>)
JMP	: Journal des Marchés Publics (<i>Gazetin'ny Tsenam-panjakana</i>)
MEF	: Ministère de l'Economie et des Finances (<i>Ministeran'ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola</i>)
MI	: Médecin Inspecteur (<i>Lehiben'ny Sampan-draharahan'ny Distrikta ara-pahasalamana</i>)
MID	: Ministère de l'Intérieur et de la Décentralisation (<i>Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana</i>)
MSANP	: Ministère de la Santé Publique (<i>Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka</i>)
PCOP	: Plan Comptable des Opérations Publiques (<i>Drafi-pitanan-kaonty momba ireo Lahasam-panjakana</i>)
PDSS	: Plan de Développement du Secteur Santé (<i>Drafitra Fampandrosoana ny Sehatry ny Fahasalamana</i>)
PEV	: Programme Elargi de Vaccination (<i>Fandaharan'asa Miandraikitra ny Fanaovam-baksiny</i>)
PRMP	: Personne Responsable des Marchés Publics (<i>Tompon'andraikitry ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana</i>)
PTA	: Programme de Travail Annuel (<i>Fandaharan'asa isan-taona</i>)
PV	: Procès-verbal (<i>Fitàna an-tsoratra</i>)
RMA	: Rapport Mensuel d'Activités (<i>Tatitr'asa isam-bolana</i>)
UGPM	: Unité de Gestion de la Passation des Marchés (<i>Vondrona Fitantanana ny Fanaovana Fifampiraharaham-barotra</i>)

Fanoroam-pejy

	Pejy
TOKO	
1. PAIKADY FITANTANANA NY FANOMEZAM-BOLA CSB	6
2. MPISEHATRA	7
3. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA	8
4. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA - FAMOLAVOLANA IREO DRAFITR'ASA ISAN-TAONA (PTA)	10
5. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA - FAMOLAVOLANA NY TETIBOLA FIANDOHANA	11
6. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA - FAMOLAVOLANA NY TETIBOLA FANAMPINY NA NY TETIBOLA NASIAM-PANITSIANA	13
7. FANKATOAVANA NY TETIBOLA	13
8. FANATANTERAHANA NY TETIBOLA - VOLA MIDITRA	14
9. FANATANTERAHANA NY TETIBOLA - FANDANIANA	15
10. FANAOVANA TATITRA	17
11. FAMARANANA	17
TAKILA	
Takila 1 Lasitra PTA	20
Takila 2 Lasitry ny tetibola fiandohana sy ny raki-kevitra momba ny fahombiazana	27
Takila 3 Fanapahana mikasika ny tetibola nasiam-panitsiana	34
Takila 4 Lasitry ny tetibola fanampiny	36
Takila 5 Famaranana ny taom-pikatrohana sy lasitry ny kaontim-pitantanana-draharaham-panjakana sy ny kaontim-pitantanana	42
Takila 6 Fandefasana sy firaketana an-tsoratra ireo taratasy fandraisam-bola	51
Takila 7 Firaketana an-tsoratra ireo fanangonana	53
Takila 8 Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena	55
Takila 9 Safim-panafarana	56
Takila 10 Sora-panekena, fandefasana sy firaketana an-tsoratra ireo taratasy fandoavam-bola	57
Takila 11 Firaketana an-tsoratra ireo fandraisana an-tànana sy ireo fandoavana	60
Takila 12 Fitantanana vatsim-bola	63
Takila 13 Paikady momba ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana	64
Takila 14 Sombin'ny fanomezan-daharana ara-kaonty	67
Takila 15 Takilan'ireo Mpisehatra	70

1. **PAIKADY ARA-PITANTANANA NY FANOMEZAM-BOLA CSB**

Ny Governemanta malagasy dia nanapa-kevitra, tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana faha-2019-2117 tamin'ny 20 novambra 2019, ny hanankina amin'ireo Kaominina ireo sora-bola ho fampandehanan-draharaha eo anivon'ireo Tobim-pahasalamana fototra eo ambany fiahian'ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Ny tanjona amin'izany fanomezam-bola izany dia ny hahafahan'ireo CSB manana sorabola ho fampandehanan-draharaha izay mamaly ireo filàna ary koa izay azony atao ny manapa-kevitra ny amin'ny hampiasana azy. Ny fandehanan-draharaha tsy misy tomika eo anivon'ireo CSB (fividianana fitaovana madinika, fikojakojana madinika, fanadiovana, fanarenana madinika) dia manan-danja tokoa ho an'ny fahatsaran'ny tobim-pahasalamana fototra sy ho fanomezana fahafaham-po ireo mpanjifa.

Izany fanomezam-bola izany dia azo ampiasaina raha toa ka :

- Ny Kaominina dia mankatò ao anatin'ny tetibolany ny Fandaharan'asa fahasalamana (fepetra fandrotsahana ny ampahany voalohany isan-taona) ;
- ny Mpitambolan'ny Kaominina dia manokatra, noho ny toromariky ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, zana-kaonty CSB eo anivon'ny banky mitàna ny kaontin'ny Kaominina : ho an'ireo fitanan-kaonty ataon'ny mpitan-kaontin'ny Tahirimbolam-panjakana, ny zana-kaonty dia sokafana eo anivon'ireo kaontin'ny toerana ara-pitanan-kaonty ;
- Ny Kaominina dia mahatontosa ny kaontim-pitantanan-draharaha mikasika ny taom-pikatrohana teo aloha (fepetra fandrotsahana ny ampahany faharoa isan-taona).

Arotsaka amin'ny ampahany roa eo anivon'ny Foibem-pitondram-paritry ny Fahasalamam-bahoaka ny fanomezam-bola : ny voalohany mialoha ny 30 aprily, ny faharoa mialoha ny 30 oktobra.

TRANGA MANOKANA MOMBA NY FANOMEZAM-BOLA 2020

Ny ampahany voalohany dia arotsaka rehefa natolotra ny tetibola fanampiny na ny tetibola nasiam-panitsiana ho an'ny taona 2020 izay ampidirana ny Fandaharan'asa fahasalamana anatin'ny tetibola fiandohan'ny Kaominina ary ny ampahany faharoa dia arotsaka rehefa natolotra ny kaontim-pitantanan-draharaha 2019.

2. IREO MPISEHATRA

Ny **Filan-kevitra ny Kaominina** no mankatò amin'ny alàlan'ny fanapahana ny tetibola fiandohana, ny tetibola fanampiny, ireo tetibola nasiam-panitsiana sy ny kaontim-pitantanan-draharaha. Ireo raki-kevitra ireo dia ahitana ny fandaharan'asa fahasalamana.

Ny **Ben'ny Tanàna** no mpanalàlan'ny Kaominina. Izy no manomana ny tetibolan'ny Kaominina izay ampidirana ny fandaharan'asa fahasalamana. Izy no mibaiko ny fanangonana ny fanomezam-bola CSB ary manao ny sora-panekena, manamarin-kajy sy manalàlana ireo fandanianana momba ny fandaharan'asa fahasalamana. Izy no manonana sy manolotra hankatoavin'ny Filan-kevitra ny Kaominina ny kaontim-pitantanan-draharaha. Izy no manendry amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana ireo mpikamban'ny Komitin'ny Fahasalamana (COSAN) voafidin'ny fivoriambem-pokontany.

Angatahany amin'ny Solontenam-panjakana, ka izany dia anaovana dika mitovy amin'ny *Médecin Inspecteur (MI)* mahefa eo an-toerana, ny hampidirana ny na ireo Lehiben'ny CSB ao anatin'ny fanomanana ny fandaharan'asa fahasalamana ao amin'ny tetibolan'ny Kaominina.

Ny Ben'ny Tanàna dia ampian'ny **sekretera mpitan-kaonty** ho amin'ny fitanan-kaontin'ireo sora-panekena sy fandefasana taratasy fandraisam-bola sy taratasy fandoavam-bola.

Ny **Mpitambolan'ny Kaominina (CR2)** no manokatra ny zana-kaonty CSB, manangona ny fanomezam-bola CSB, manamarina ny mampitombina ary mandoa ireo fandanian'ny fandaharan'asa fahasalamana nobaikoin'ny Ben'ny Tanàna. Izy no mitàna ny kaontin'ireo fandraisana an-tànana ireo taratasy fandoavam-bola sy taratasy fandraisam-bola, ireo fampidiram-bola sy ireo fandoavam-bola.

Ny **Komitin'ny Fahasalamana (COSAN)** dia atsangana isaky ny Fokontany. Fidian'ny fivoriam-bem-pokontany ireo mpikambana ary tendrena amin'ny alàlan'ny didim-pitondrana raisin'ny Ben'ny Tanàna. Ireo mpikambana ao amin'ny COSAN ihany no mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Fahasalamana'ny sehatra ara-pahasalamana. Ireo mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Fahasalamana'ny sehatra ara-pahasalamana ihany no mpikambana ao amin'ny Komitin'ny Fahasalamana'ny Kaominina. Ny biraon'ny Komitin'ny Fahasalamana'ny Kaominina dia ahitana Filoha nofidin'ireo mpikamban'ny Komity ary koa filoha lefitra mitovy isa amin'ireo Fokontany voafidy ireo mpikamban'ireo Komity isaky ny Fokontany. Ny Komitin'ny Fahasalamana'ny faritra ara-pahasalamana dia hakan'ny Lehiben'ny CSB hevitra mikasika ny fanomanana ny PTA ho an'ny CSB, mandray anjara amin'ireo asa fampisongadinana, fiarovana, fanaraha-maso, fizohiana ireo tolo-draharahan'ny CSB sy ny fanomanana ireo tatitra fanatanterahana ny PTA. Ny Komitin'ny fahasalamana'ny Kaominina no rafitra filan-kevitra ny Fandaharan'asa fahasalamana'ny Kaominina.

Ny **Talem-paritry ny Fahasalamam-bahoaka (DRSP)** no manomana sy mampita amin'ny DGR/MSANP ny lisitr'ireo CSB mpisitraka ny fanomezam-bola. Ampitainy amin'ireo Kaominina ny tentin'ny fanomezam-bola omen'ny MSANP. Hamarininy ireo fangataham-pandrotsahana fanomezam-bola : fanokafana ny zana-kaonty CSB, fankatoavan'ny Filan-kevitra ny Kaominina ny fandaharan'asa fahasalamana anatin'ny tetibola fiandohana omban'ny fankatoavan'ny Lehiben'ny CSB hoan'ny ampahany voalohany amin'ny fandrotsahana, fankatoavana ny kaontim-pitantanan-draharaha sy ny fandaharan'asa fahasalamana anatin'ny tetibola fanampiny omban'ny fankatoavan'ny Lehiben'ny CSB ho an'ny ampahany faharoa amin'ny fandrotsahana. Atolony ny DGR/MSANP ny tatitra isan-telo volana momba ny fitantanana ny fanomezam-bola CSB ka izany dia mifototra amin'ireo tatitr'ireo Mpitsabo mpanaramaso.

Ny **Médecin Inspecteur** no tomponandraikitra ny fitantanana ny fitsaboana eo anivon'ny Distrika. Izy no manomana sy mampita amin'ny DRSP ny lisitr'ireo CSB anatin'ny Distrika. Ampahafatariny ny CSB ny momba ny Drafitra fampandrosoana ny Sehatry ny Fahasalamana (PDSS) ary manome tantsoroka azy ireo amin'ny fanomanan'izy ireo ny PTA. Atolony ny DRSP ny tatitra isan-telo volana momba ny fitantanana ny fanomezam-bola CSB ka izany dia mifototra amin'ireo tatitra fanatanterahana ireo PTA atolotr'ireo Lehiben'ny CSB.

Noho ny fangatahan'ny Solontenam-panjakana, dia atolony ireo fanamarihana mikasika ireo sora-bola mifandraika amin'ny fanomezam-bola CSB mandritra ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna tontosaina amin'ny tetibolan'ny kaominina voakasika.

Ny **Lehiben'ny CSB** no manomana ny Drafitr'asa isan-taona (PTA) arakarak'ireo filàn'ny sehatry ny fahasalamana sy ireo tondrozotra ara-paikady omen'ny PDSS. Izy no manomana ny fikaonan-doha momba ny PTA miaraka amin'ny Komitin'ny fahasalamana'ny faritra ara-pahasalamana, ary aorian'izany, mandray anjara amin'ny fanomanana ny fandaharan'asa fahasalamana miaraka amin'ny Ben'ny Tanàna sy ireo vaomieran'ny Filan-kevitra ny Kaominina. Atolony ny Filan-kevitra ny Kaominina ireo fanamarihana mikasika ny fandaharan'asa fahasalamana ary mandray anjara amin'ireo adihevitra izay ka ho fakan-kevitra fotsiny ihany. Atolony ireo fangatahana fanomezam-bola hanao sora-panekena momba ireo fandanian'ny CSB ary mandray anjara amin'ny fandraisana ireo kojakoja, asa sy raharaha. Aorian'ny fifidianana ny fandaharan'asa fahasalamana, dia ataony ny fampifanarahana ny PTA amin'ireo sora-bola atolotra ary iantohany ny fizohiana isan-telo volana ireo zava-bita sy ny fampiasana ireo sora-bola. Ampitainy amin'ny DRSP sy amin'ny *Médecin Inspecteur*, eo ambany fiahian'ny Ben'ny Tanàna, isaky ny telo volana ny tatitry ny fanatanterahana ny PTA.

3. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA

Ny Fandaharan'asa fahasalamana dia mampivondrona ireo fandania natokana hanatratrarana ny tanjona ankapobe sy ireo tanjona manokan'ny *PDSS 2020-2024*. Ny fandaharan'asa dia faritana avy amin'ny fidirana an-tsehatra mitombona (lasitra fidirana an-tsehatra), ny fandaharan'asa momba ny fahombiazana sy ny fafan'ireo fandania zarazaraina isaky ny kaonty anatin'ny Drafitra ara-pitanan-kaontin'ireo lahasa ara-panjakana (*PCOP*).

Ny Fandaharan'asa fahasalamana ataon'ireo Kaominina dia tsy maintsy mitondra anjara biriky amin'ireo tanjon'ny *PDSS* izay mifandrindra kokoa amin'ny zava-misy eo anivon'ny Kaominina.

PDSS 2020-2024	
Tanjona ankapobe	Hampihena ny faharariana sy ny fahafatesana aterak'ireo aretina sy ireo tranga tsy mahatsara ny fahasalamana amin'ny alàlan'ny fandraisana anjara amin'ny fahasalamana tsaratsara kokoa.
Tanjona manokana 1	Hamafisina ireo fidirana an-tsehatra ho fisorohana, ho fampiroboroana ny fahasalamana sy ho fiomanana mba hampahomby kokoa ny fiatrehana ireo hamehana ara-pahasalamana sy antambo.
Tanjona manokana 2	Hatsaraina ny fisian'ireo tolotra fitsaboana manara-penitra sy tsy mitanila eo anivon'ireo rafitra ara-pahasalamana.
Tanjona manokana 3	Hiantohana ny fisian'ny fitantanana mahomby ireo loharanom-bola mba hananana rindram-pahasalamana mahomby sy maharitra.
Tanjona manokana 4	Hamafisina ny rafi-pitantanana mahomby ireo fandaharan'asa ara-pahasalamana miompana amin'ny zava-misy mba hisian'ny tamberin'andraikitra mifameno eo amin'ireo antanan-tohatra rehetra amin'ny rafitra ara-pahasalamana.

VANINANDRO	LAHASA	TOMPON'ANDRAIKITRA
ALOHAH'NY AOGOSITRA N	- Fanomanana ny PTA ho an'ireo CSB ka izany dia mifototra amin'ny tentin'ny taona teo aloha sy ny fifanakalozan-kevitra miaraka amin'ny COSAN (<i>Takila 1</i> – lasitry ny PTA) - Fampitana amin'ny Médecin Inspecteur mba ho fampahafantarana	Lehiben'ny CSB COSAN Médecin Inspecteur
AOGOSITRA N	Fanomanana ny Fandaharan'asa fahasalamana anatin'ny tetibolan'ny Kaominina ka izany dia mifototra amin'ny PTA an'ireo CSB sy ireo lahasa hafa anatin'ny sehatry ny fahasalamana, raha toa ka ilaina izany (<i>Takila 2</i> – lasitry ny tetibola fiandohana sy ny raki-kevitra momba ny fahombiazana)	Ben'ny Tanàna Vaomieran'ny fahasalamana sy ny fitantanam-bola ao amin'ny Filan-kevitra ny Kaominina
	Fanapahana mikasika ny Fandaharan'asa fahasalamana anatin'ny tetibola fiandohana (<i>Takila 2</i> – lasitry ny tetibola fiandohana sy ny raki-kevitra momba ny fahombiazana)	Filan-kevitra ny Kaominina Lehiben'ny CSB mba ho fakan-kevitra
SEPTAMBRA N	Fanaovan-dasitra ireo PTA amin'ny tetibola fiandohana notoavina	Lehiben'ny CSB
	- Fampitana ny tetibola hanaovana fanaraha-maso momba ny fanarahan-dalàna eo anivon'ny Solontenam-panjakana - Ny Solontenam-panjakana dia mangataka amin'ny Médecin Inspecteur hitondra ireo mety ho fanamarihana mikasika ny Fandaharan'asa fahasalamana mandritra ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna tontosaina momba ny tetibolan'ny Kaominina voakasika	Ben'ny Tanàna Préfet na Lehiben'ny Distrika Médecin Inspecteur
	Fampitana ny Fandaharan'asa fahasalamana miaraka amin'ny taratasy fanamarinam-paharaisana avy amin'ny Solontenam-panjakana sy ny fanehoan-kevitra ny (na ireo) Lehiben'ny CSB amin'ny DRSP ka anaovana dikamitovy ny Médecin Inspecteur	Ben'ny Tanàna DRSP Médecin Inspecteur
JANOARY N+1	Fampahafantarana ny fanomezam-bola CSB amin'ny Ben'ny Tanàna ka anaovana dikamitovy ny Médecin Inspecteur	DRSP Médecin Inspecteur Ben'ny Tanàna
JANOARY-APRILY	- Raha toa ny tentin'ny fanomezam-bola CSB nampahafantarina tsy mitovy amin'ny tentiny fanomezana voasoratra anatin'ny tetibola fiandohana, fanondroana izany tentiny izany amin'ireo Lehiben'ny CSB mba hamerenana sy hanitsiana ireo PTA. Mifototra amin'ny PTA nasiam-panitsiana, fanomanana ny tetibola nasiam-panitsiana mba hanovàna ny toman'ireo fidiram-bola sy ireo toman'ny fandanian'ny Fandaharan'asa fahasalamana Fomba fanao mitovy amin'ny fankatoavana ny tetibola fiandohana (<i>Takila 3</i> – Maodelin'ny fanapahana momba ny tetibola nasiam-panitsiana) - Raha toa ka kely ny tentin'ny elanelana, ny fanitsiana dia azo tontosaina amin'ny tetibola fanampiny	Lehiben'ny CSB COSAN Ben'ny Tanàna Vaomieran'ny fahasalamana sy ny fitantanam-bola ao amin'ny Filan-kevitra ny Kaominina Filan-kevitra ny Kaominina
	Raha toa ka fantatra ny vokatry ny taom-pikatrohana teo aloha, fanondroana ny hanisisa eo amin'ny tentin'ny fanomezam-bola CSB tena nampidirina sy ny tentin'ireo fandanian'ny Fandaharan'asa fahasalamana tena naloa amin'ireo Lehiben'ny CSB mba hanaovam-panitsiana ireo PTA Mifototra amin'ireo PTA nasiam-panitsiana, fanomanana ny tetibola fanampiny mba hanovàna ny toman'ny fidiram-bola sy ireo toman'ny fandanian'ny Fandaharan'asa fahasalamana Fomba fanao mitovy amin'ny fankatoavana ny tetibola fiandohana (<i>Takila 4</i> – Lasitry ny tetibola fanampiny)	
JANOARY-MARTSA N+2	Fanomanana ny Kaontim-pitantanan-draharaha, famaritana ny hanisisa eo amin'ireo fandanianana tena natao ka tafiditra anatin'ny Fandaharan'asa fahasalamana sy ny fanomezam-bola CSB voaangona ary haverina adika anatin'ny tetibola fanampiny ao amin'ny Fandaharan'asa fahasalamana Fanomanana ny Kaontim-pitantanana (<i>Takila 5</i> – famaranana ny taom-pikatrohana sy lasitry ny kaontim-pitantanan-draharaha sy ny kaontim-pitantanana)	Sekretera mpitan-kaonty Ben'ny Tanàna Mpitantan'ny Kaominina

4. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA : FAMOLAVOLANA IREO DRAFITR'ASA ISAN-TAONA (PTA)

Ny *PTA* no manoritra ho an'ny taona iray ireo lahasa hotanterahina sy ny tentin'ny tsirairay avy amin'ireo lahasa ireo, izay tombanana avy amin'ireo akora fototra (kojakoja, asa aman-draharaha) ilaina hanatanterahana azy ireo. Ny fitambaramben'ny tentin'ny *PTA* dia tsy maintsy ampifandanjaina amin'ireo fidiram-bola misy ho an'ny *CSB* tsirairay (fanomezam-bola na hafa).

Ny Fandaharan'asa fahasalamana dia omanina avy amin'ireo *PTA* isaky ny *CSB* ao anatin'ny Kaominina ary koa ny an'ireo sampan-draharahan'ny fahasalamana noforonin'ny Kaominina. Tondroin'ny *PTA* ireo lahasa rehetra hotanterahina mandritra ny taona ary koa ny tentin'izy ireo.

Tombanana isaky ny lahasa ny drafitr'asa isan-taona, ny lahasa tsirairay dia zarazaraina ho asa, zanak'asa, kojakoja sy raharaha. Ny fanombanana ny tomban'ny asa tsirairay dia hefaina na (i) amin'ny fampitomboana ny isan'ny tsirairay sy ny vidiny tsirairay amin'ny kojakoja na raharaha, na (ii) amin'ny fampiharana ny tahan'ny fampifanarahana amin'ny toetrandro ireo fandania natao ny taona lasa. Ny karazan'ny fandania ara-kaonty (kaonty *PCOP*) dia tondroina isaky ny fandania kojakoja na raharaha tsirairay.

FAFANA FANOMBANANA
(Tentiny = Habetsahany x Vidin'ny tsirairay)

LAHASA :					
ASA :					
FILAZALAZANA IREO ZANAK'ASA, KOJAKOJA SY RAHARAHANA	MARIKA	HABETSAHANY	VIDIN'NY TSIRAIRAY	TENTINY	KAONTY PCOP
			FITAMBARANY		

FAFANA FANOMBANANA
(Tentiny = Tentiny N-1 x [1 + Taham-pampifanarahana amin'ny toetrandro amin'ny % / 100])

LAHASA :				
ASA :				
FILAZALAZANA IREO ZANAK'ASA, KOJAKOJA SY RAHARAHANA	TENTINY N-1	TAHAM-PAMPIFANARAHANA AMIN'NY TOETRANDRO	TENTINY	KAONTY PCOP
		FITAMBARANY		

Ireo fandania dia avondrona isaky ny kaontin'ny Drafipitanan-kaonty momba ireo lahasam-panjakana (*PCOP*) ao anatin'ny Fandaharan'asa fahasalamana.

Ireo lahasa, asa, vokatra andrasana sy ireo tanjona, ireo loharanom-pamatsiam-bola isaky ny *PTA* dia fintinina anatin'ny fafana fandravonana :

FAFANA FANDRAVONANA							
LAHASA :	LAHARANA :	FANONDROANA :					
ASA	VOKATRA	TANJONA	TETIBOLA ANKAPOBE	FAMATSIAM-BOLA			MPITARIKA
				FANOMEZAM-BOLA MSANP	FANOMEZAM-BOLA MID	HAFA	

Ampiasaina io fafana fandravonana io ho famolavolana ny raki-kevitra momba ny fahombiazana sy ny fafana fizohiana ny fanatanterahana ny *PTA*.

Tsy maintsy ampidirina anatin'ny *PTA* ny *CSB* ireo tambin-karaman'ireo mpizara fanafody sy mpiambina.

Omanin'ny Lehiben'ny *CSB* miaraka amin'ny *COSAN* ireo *PTA* ary ampitaina amin'ny *Médecin Inspecteur* mba ho fampahafantarana.

5. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA : FAMOLAVOLANA NY TETIBOLA FIANDOHANA

Avy amin'ireo *PTA* ataon'ny *CSB*, ny Ben'ny Tanàna dia manomana ny volavolan-tetibola. Ao anatin'ny fikaonan-doha miaraka amin'ireo vaomieran'ny Filan-kevitra ny Kaominina miadidy ny fahasalamana sy ny fitantanam-bola ary koa ireo lehiben'ny *CSB*, ny Ben'ny Tanàna no manapaka ireo fandaharana arakarak'ireo fidiram-bola misy ho an'ny Fandaharan'asa fahasalamana.

Ampidirina anatin'ny fafan'ireo fidiram-bolan'ny teti-bola ireo fidiram-bolan'ny Fandaharan'asa fahasalamana. Ireo fidiram-bola manokana momba ny fahasalamana dia ny fanomezam-bola *CSB* avy amin'ny *MID* sy ny fanomezam-bola *CSB* avy amin'ny *MSANP*, kaonty *PCOP 7512*.

VOLA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA								
KAONTY			ANARANA	KAONTIM- PITANTANAN- DRAHARAHA FARANY NANKATOAVINA	TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA	TETIBOLA N+1	VINAVINA N+2	VINAVINA N+3
70			Hetra momba ireo karama, tombom-barotra sy vola miditra					
		...	...					
71			Hetra momba ny fari-pananana					
		...						
75			Vola miditra noraïsina avy amin’ireo Olon-tsotra					
	751		<i>Fanampiana ara-bola momba ny fitantanana – Fanjakana</i>					
		7512	Fanomezana faobe ho fampandehanan-draharaha CSB					
		...						
FITAMBARAN’IREO VOLA TENA MIDITRA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA								

Ireo fandanian'ireo *PTA* dia avondrona isaky ny kaonty *PCOP* (jereo ny fanomezan-daharana) ary ampidirina anatin'ny fafan'ireo fandanian'ny Fandaharan'asa fahasalamana. Ny tentin'ireo fandania ara-pahasalamana dia tsy maintsy mitovy farafaharatsiny amin'ny tentin'ireo fanomezam-bola *CSB*. Ireo fandania fanampiny dia zakain'ireo fidiram-bola madiodion'ny tetibolan'ny Kaominina. Ireo fandania ho an'ny mpiasa (toko 60) sy ireo fandania natao hamokarana (kilasy 2) dia tsy azon'ny fanomezam-bola *CSB* zakaina.

FANDAHARAN'ASA 003 – FAHASALAMANA FANDANIA HO FAMPANDEHANAN-RAHARAH									
KAONTY			ANARANA	KAONTIM- PITANTANAN- DRAHARAH FARANY NANKATOAVINA	TETIBOLA FARANY NANKATOAVINA	TETIBOLA N+1	VINAVINA N+2	VINAVINA N+3	TENTINY NANKATOAVINA
60			Fandania momba ny mpiasa						
	601		Karama sy fanampiny						
		6011	Karama sy fanampiny - Mpiasa maharitra						
	...	...	...						
61			Fividianana entana						
	611		Fividianana ireo entana ho fampandehanan-draharaha ankapobe						
		6111	Entana sy kojakojam-birao						
		6112	Taratasy voatonta, fitomboka sy antontan-taratasy ara-panjakana						
	...	...	...						
	612		Fividianana entana hampiasaina manokana						
	...	...	...						
	613		Solika, menaka sy fandrehitra						
	...	...	...						
62			Fividianan-draharaha sy fandania maharitra						
	621		Fikojakojana						
		6211	Fikojakojana ireo trano						
	...	...	...						
	623		Fandania momba ny fitaterana						
		6231	Saram-pivezivezena anatin'ny						
	...	...	...						
FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIA HO FAMPANDEHANAN-DRAHARAH									

6. FANOMANANA NY FANDAHARAN'ASA FAHASALAMANA : FAMOLAVOLANA NY TETIBOLA FANAMPINY NA NY TETIBOLA NASIAM-PANITSIANA

Raha toa ka fantatra ireo tombony tamin'ny taom-pikatrohana teo aloha, ny Kaominina dia mamindra izany ho amin'ny fandanianana vaovao manampy ireo fandanianana anatin'ny tetibola fiandohana. Raha toa ny tentin'ireo fanomezam-bola CSB nampidirina ka mihoatra ny tentin'ireo fandanianana notoavina anatin'ny Fandaharan'asa fahasalamana, ny tombony dia tsy maintsy afindra ao amin'ny Fandaharan'asa fahasalamana tamin'ny taom-pikatrohana manaraka.


FANDAHARAN'ASA 003 – FAHASALAMANA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-RAHARAH							
KAONTY			ANARANA	TETIBOLA FIANDOHANA	FANAMPIANA	FANESORANA	TETIBOLA VOAHITSY
...							
61			Fividianana entana				
	611		<i>Fividianana entana ho fampandehanan-draharaha ankapobe</i>				
		6111	Entana sy kojakojam-birao				
		6112	Taratasy voatonta, fitomboka sy antontan-taratasy ara-panjakana				
		...	...				
	612		<i>Fividianana entana hampiasaina manokana</i>				
		...	...				
	613		<i>Solika, menaka sy fandrehitra</i>				
		...	...				
FITAMBARAN'IREO TENA FANDANIANA HO FAMPANDEHANAN-RAHARAH							

Raha toa ny tentin'ny fanomezam-bola tena notoavina ka tsy mitovy amin'ny tentin'ny voasoratra ao amin'ny tetibola fiandohana, ny fanomezam-bola CSB sy ireo fandanian'ny Fandaharan'asa fahasalamana dia tsy maintsy asiam-panovana amin'izany tentiny izany anatin'ny tetibola fanampiny na anatin'ny tetibola nasiam-panitsiana. Ny tetibola fanampiny dia ankatoavina raha vantany vao fantatra ny tombony tamin'ny taona teo aloha ; ny tetibola nasiam-panitsiana kosa dia azo ankatoavina amin'ny fotoana rehetra.

7. FANKATOAVANA NY TETIBOLA

Ny tetibola fiandohana, ny tetibola fanampiny sy ireo tetibola fanitsian'ny Kaominina dia atolotry ny Ben'ny Tanàna amin'ny Filan-kevitra ny Kaominina. Ny (na ireo) Lehiben'ny CSB dia mandray anjara amin'ny fotoam-pivoran'ny Filan-kevitra mikasika ny tetibola, mba ho fakan-kevitra. Ankatoavin'ny Filan-kevitra amin'ny alàlan'ny fanapahana ny tetibola. Manankery avy hatrany ny tetibola aorian'ny fampitana azy hanaovana fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna any amin'ny Solontenam-panjakana sy ny fanaovana peta-drindrana azy eo alohan'ny biraon'ny Kaominina. Ny Solontenam-panjakana dia mangataka amin'ny *Médecin Inspecteur* hitondra ireo mety ho fanamarihana mikasika ny Fandaharan'asa fahasalamana mandritra ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna tontosaina momba ny tetibolan'ny Kaominina voakasika. Ny Fandaharan'asa fahasalamana dia ampitaina amin'ny DRSP miaraka amin'ny taratasy fanamarinam-paharaisana ny fanaraha-maso ny fanarahan-dalàna avy amin'ny Solontenam-panjakana (tsara ho marihina : taratasy fanamarinam-paharaisana fa tsy fankatoavana).

8. FANATANTERAHANA NY TETIBOLA – VOLA MIDITRA



Ny Sekretera mpitan-kaonty dia manokatra takilan'ny vola miditra mba ho fizohiana ny fandefasana ny fanomezam-bola CSB (kaonty 7512).

Ny Mpitambolan'ny Kaominina dia manokatra takila anatin'ny boky famintinan-kaontin'ireo vola miditra mba ho fizohiana ny fandraisana an-tànana sy ny fanangonana ny fanomezam-bola CSB.

Raha vantany vao nampahafantarin'ny DRSP ny fanomezam-bola CSB, dia ataon'ny Ben'ny Tanàna ny fandefasana ny taratasy fandraisam-bola amin'ny tentin'ny ampahany voalohany amin'ny fanomezam-bola miaraka amin'ny fanondroana fanomezam-bola CSB ampahany voalohany. Raketina an-tsoratra anatin'ny takilan'ny vola miditra ny taratasy fandraisam-bola.

Ampitaina amin'ny Mpitambolan'ny Kaominina ny taratasy fandraisam-bola mba hanaovana ny fanangonana.

Raketin'ny Mpitambolan'ny Kaominina an-tsoratra ny fandraisana an-tànana ny taratasy fandraisam-bola anatin'ny boky famintinan-kaonty ny vola miditra, ary aorian'izany ny fanangonana ny fanomezam-bola anatin'ny boky famintinan-kaonty ireo fidiram-bola sy anatin'ny boky firaketana isan'andro ny zana-kaonty « CSB ».

Atao avokoa izany lahasa izany ho an'ny ampahany faharoa.

9. FANATANTERAHANA NY TETIBOLA - FANDANIANA

Lehiben'ny CSB	Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena ireo fandania anatin'ny Fandaharan'asa fahasalamana (<i>Takila 8 - Fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena</i>)
Ben'ny Tanàna Sekretera mpitan-kaonty	Fanaovana sora-panekena ara-pitanan-kaonty sy firaketana an-tsoratra anatin'ny takilan'ny fandania (<i>Takila 10 - Fanaovana sora-panekena, fandefasana sy firaketana an-tsoratra ireo taratasy fandoavam-bola</i>)
Ben'ny tanàna	Fanaovana ny fanafarana (<i>Takila 9 - Safim-panafarana</i>)
Vaomieran'ny fandraisana Lehiben'ny CSB	Fandraisana ny fanafarana Fanoratana sy fanaovan-tsonia ny fitàna an-tsoratra Fandraisana an-tàna anatin'ny fitanan-kaonty momba ireo fitaovana eo amin'ny CSB
Sekretera mpitan-kaonty	Fandraisana ny lazam-bidy sy fanamarinan-kajy
Ben'ny Tanàna Sekretera mpitan-kaonty	Fanamarinana ny fahavitan'ny asa sy fandefasana ny taratasy fandoavam-bola Firaketana an-tsoratra ny taratasy fandoavam-bola anatin'ny takinan'ireo fandania (<i>Takila 10 - Fanaovan sora-panekena, fandefasana sy firaketana an-tsoratra ireo taratasy fandoavam-bola</i>)
Ben'ny Tanàna Mpitambolan'ny Kaominina	Fampitana ny taratasy fandoavam-bola amin'ny Mpitambolan'ny Kaominina Firaketana an-tsoratra ny fandraisana an-tàna anatin'ny boky famintinan-kaontin'ireo fandania (<i>Takila 11 - Firaketana an-tsoratra ireo fandraisana an-tàna sy fandoavana</i>)
Mpitambolan'ny Kaominina	Fandoavana ny taratasy fandoavam-bola amin'ny mpamatsy Firaketana an-tsoratra ny fandoavana anatin'ny boky famintinan-kaontin'ireo fandania sy anatin'ny boky firaketana isan'andro momba ny banky na ny boky firaketana isan'andro ny vola miditra sy mivoaka (<i>Takila 11 - Firaketana an-tsoratra ireo fandraisana an-tàna sy fandoavana</i>)

Ny Sekretera mpitan-kaonty dia manokatra takilan'ireo fandania ho an'ny kaonty *PCOP* tsirairay anatin'ny Fandaharan'asa fahasalamana mba hizohiana ireo sora-panekena momba ny fandania sy ireo fandefasana taratasy fandoavam-bola. Ny Mpitambolan'ny Kaominina dia manokatra takila iray anatin'ny boky famintinan-kaontin'ireo fandania isaky ny kaonty *PCOP* tsirairay anatin'ny fandaharan'asa fahasalamana mba hizohiana ireo fandraisana an-tàna sy fandoavana.

Mialoha ny fandania tsirairay avy, ny Lehiben'ny CSB dia manoratra sy mampita amin'ny Sekretera mpitan-kaonty ny fangatahana fanomezan-dàlana hanao sora-panekena.

FANGATAHANA FANOMEZAN-DALANA HANAO SORA-PANEKENA LAHARANA FAHA-....

Anaran'ny mpangataka :

Fandaharan'asa : Lahasa :

Antony :

Daty :

LAH	FANONDROANA	MARIKA	HABETSAHANY	VIDIN'NY ISANISANY VOATOMBANA	TENTINY VOATOMBANA
1					
2					
3					
FITAMBARAN'NY TENTINY					
Fanamarinan'ny Tompon'andraikitra ny fandaharan'asa		Mariky ny fampizakana			
		Sorabola sokafana			
Fanamarinan'ny Sekretera mpitan-kaonty		Sorabola eo an-tànana			
		Tentin'ny sora-panekena voatombana			
Fanamarinan'ny Ben'ny Tanàna		Eo an-tànana aorian'ny sora-panekena			

Mampanao fampitaham-bidy ny Ben'ny Tanàna araka izay voatondron'ny Fehezan-dalàna momba ny fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana :

- Ho an'ireo fividianana solika, entona fandrehitra, solifara, famandrihana rano sy herinaratra, hajian'ny paositra, karatra fahan'ny finday aloa mialoha, famandrihana antso an-tariby sy famandrihana *internet*, fifanaraham-piantohana, ireo fanafarana dia atao amin'ny alàlan'ny safim-panafarana izay tsy ilaina fampitaham-bidy mialoha.
- Ho an'ireo fanafarana kojakoja na raharaha izay tsy mihoatra ny 1.500.000 Ariary ny tentiny, ny fanafarana dia azo atao amin'ny alàlan'ny safim-panafarana ka tsy ilaina fampitaham-bidy mialoha izany.
- Ho an'ireo fanafarana kojakoja na raharaha izay mihoatra ny 1.500.000 Ariary ka latsaky ny 75.000.000 Ariary ny tentiny, ny fanafarana dia atao ao aorian'ny fampitaham-bidin'ireo mpanatontosa asa, mpamatsy sy mpivaro-draharaha amin'ny alàlan'ny peta-drindrina folo (10) andro farafahakeliny manoloana ireo biraon'ny Vaomieram-paritry ny Fifampiraharaham-barotra amin'ny Fanjakana, ny Fanaraha-maso ara-pitantanam-bola (CF), ny Kaominina ary ny CSB.
- Ho an'ireo fanafarana izay mihoatra ny 75.000.000 Ariary, ireo fanafarana dia tsy maintsy ampandalovina ny paikady fiantsoana tolo-bidy.

Tsy azo tsinjara ireo fanafarana. Ireo fepetra dia ampiharina amin'ny fitambaran'ny sandan'ireo kojakoja na raharaha mitovy izay hovidina mandritra ny taona.

Ny Sekretera mpitan-kaonty dia mirakitra an-tsoratra ny sora-panekena anatin'ny takilan'ny fandanianana. Soniavin'ny Ben'ny tanàna ny safim-panafarana na ny fifampiraharaham-barotra.

Ny Vaomieran'ny fandraisana no manao ny fandraisana ireo entana nohafarana ary mameno ny fitàna an-tsoratra ny faharaisana. Ny Lehiben'ny CSB dia mandray anjara amin'ny fandraisana ireo kojakoja sy raharaha natao ho an'ny CSB ary manasonia ny fitàna an-tsoratra. Ny Lehiben'ny CSB dia mirakitra an-tsoratra ireo entana noraizina anatin'ny fitanan-kaonty ireo entan'ny CSB (takilan'ny ambim-bava ho an'ireo entana tsy azo tehirizina maharitra ary takilan'ny mpitana ho an'ireo fampitaovana).

Eo am-paharaisana ny lazam-bidy, ny Sekretera mpitan-kaonty dia manomana ny taratasy fandoavam-bola. Hamarin'ny Ben'ny Tanàna anatin'ny lazam-bidy ny fahavitan'ny asa ary soniaviny ny taratasy fandoavam-bola.

Ny taratasy fandoavam-bola dia alefa mivantana amin'ny Mpitambolan'ny Kaominina mba haloa amin'ny mpisitraka.

Ny Mpitambolan'ny Kaominina dia mirakitra an-tsoratra ny fandraisana an-tànana ny taratasy fandoavam-bola ao anatin'ny boky famintinan-kaontin'ireo fandanianana, ary aorian'izany ny fandoavana ny mpamatsy ao anatin'ny boky famintinan-kaonty ireo fandanianana sy anatin'ny boky firaketana isan'andro momba ny banky ao amin'ny zana-kaonty « CSB » ary ny boky firaketana isan'andro ny vola miditra sy mivoaka.

Raha toa ny fandoavana ka tanterahina amin'ny alàlan'ny kitapom-bola (ohatra, ho an'ireo fandania madinika atao eo anivon'ny Kaominina), ny Mpitambolan'ny Kaominina dia mamatsy vola ny kitapom-bola amin'ny alàlan'ny taratasim-bolan'ny banky amin'ny anarany. Soratana ho isan'ny fandania ao anatin'ny boky firaketana isan'andro momba ny banky izany lahasa izany ary ho isan'ny fidiram-bola ao anatin'ny boky firaketana isan'andro ny vola miditra sy mivoaka.

10. FANAOVANA TATITRA

Ny Lehiben'ny CSB dia manomana ny tatitra isan-telo volana mikasika ny fanatanterahana ny PTA, midinika ny vontoaizin'ny miaraka amin'ny COSAN ary mampita izany amin'ny Médecin Inspecteur eo amban'ny fiahian'ny Ben'ny Tanàna ao anatin'ny fepotoana 20 andro aorian'ny fiasaran'ny telo volana. Ny fafana fizohiana ny fanatanterahana ny PTA dia ahitana isaky ny asa : ny vokatra, ny tanjona, ireo vinavina isan-telo volana momba ireo fanatanterahana ary ireo asa tena tontosa ; ny sorabola raikitra taorian'ny fankatoavana ny tetibola, ireo vinavina isan-telo volana momba ny fandania sy ireo fandania tena natao (Takila 1 – Lasitra PTA).

FAFANA FIZOHIANA															
LAHASA :	LAHARANA :	FANONDROANA :													
ASA	VINAVINA / TONTOSA	VOKATRA	TONTOSA						SORABOLA						FANAMARI-HANA
			TANJONA	T1	T2	T3	T4	FITAMBARANY	TETIBOLA	T1	T2	T3	T4	FITAMBARANY	
	Vinavina														Fanovàna natao mandritry ny taona
	Voamarina / Nalao														
	Vinavina														Fanovàna natao mandritry ny taona
	Voamarina / Nalao														

Noho ny fahitana ny tatitr'ireo Lehiben'ny CSB, ny Médecin Inspecteur dia mampita amin'ny DRSP ny tatitra isan-telo volana mikasika ny fitantanana ny CSB ao anatin'ny fepotoana 40 andro aorian'ny fiasaran'ny telo volana.

Ny DRSP dia mampita amin'ny MSANP ny tatitra isan-telo volana mikasika ny fitantanana ny fanomezam-bola CSB : tentiny nomena, tentiny nafindra, tentiny naloan'ny Kaominina, ao anatin'ny fepotoana 60 andro aorian'ny faran'ny telo volana.

Ny fafana fizohiana ny fanatanterahana isan-telo volana ny PTA dia atao peta-drindrana eo amin'ny fafana fametahana peta-drindrin'ny Kaominina sy ny CSB.

11. FAMARANANA

Amin'ny fiasaran'ny taom-pikarohana, dia omanin'ny Sekretera mpitan-kaontin'ny Kaominina ny kaontim-pitantanan-draharaha ary kajiany ny hanisisa eo amin'ny fanomezam-bola CSB nampidirina sy ireo fandania natao tanatin'ny PTA an'ireo CSB.

Izany hanisisa izany dia averina adika ao amin'ny fandaharan'asa fahasalamana amin'ny taom-pikatrohana manaraka. Ny Mpitambolan'ny Kaominina dia manomana ny kaontim-pitantanana.

Tovana

Lasitry ny PTA

FANDRAVONANA

LAHASA :	LAHARANA :	FANONDROANA :					
ASA	VOKATRA	TANJONA	TETIBOLA ANKAPOBE	FAMATSIAM-BOLA			MPITARIKA
				FANOMEZAM-BOLA MSANP	FANOMEZAM-BOLA MID	HAFA	

FANAOVANA TETI-BOLA

LAHASA :						
ASA :						
FILAZALAZANA IREO ZANAK'ASA, KOJAKOJA SY RAHARAHA		MARIKA	HABETSAHANY	VIDIN'NY ISANISANY	TENTINY	KAONTY PCOP
				FITAMBARANY		

LAHASA :					
ASA :					
FILAZALAZANA IREO ZANAK'ASA, KOJAKOJA SY RAHARAHA			TENTINY N-1	TAHAN'NY FAMPIFANARAHANA AMIN'NY TOETRANDRO	KAONTY PCOP
				FITAMBARANY	

FIZOHIANA

LAHASA :	LAHARANA :	FANONDROANA :													
ASA	VINAVINA/ TONTOSA	VOKATRA	TONTOSA						SORABOLA						FANAMARI- HANA
			TANJONA	T1	T2	T3	T4	FITAMBA- RANY	TETIBOLA	T1	T2	T3	T4	FITAMBA- RANY	
	Vinavina														Fanovàna natao mandritry ny taona
	Voamarina / Nalao														
	Vinavina														Fanovàna natao mandritry ny taona
	Voamarina / Nalao														

Ohatra

Ny CSB tokana eo anivon'ny Kaominina dia misitraka fanomezam-bola 3.042.600 Ar mba hanatanterahana ireto lahasa 3 manaraka ireto : (i) Fikojakojana sy fikarakarana ireo fitaovana, fampitaovana sy fotodrafitr'asan'ny CSB, (ii) Fanaovam-baksiny ireo zaza vao teraka hatramin'ny 11 volana, (iii) Fanamafisana ny rafitra fampahalalam-baovao momba ny fahasalamana.

1 Fanombanana sy fitsinjarana isan-kaontin'ny PCOP ireo fandanian'ireo asa tsirairay anatin'ny Fandaharan'asa :

LAHASA 1 : FIKOJAKOJANA SY FIKARAKARANA IREO FITAOVANA, FAMPITAOVANA SY FOTODRAFITR'ASAN'NY CSB

ASA 1.1 : HIANTOHANA NY FAHADIOVAN'NY CSB ISAKY NY ANDRO FISOKAFANA

FILAZALAZANA IREO ZANAK'ASA, KOJAKOJA SY RAHARAH	MARIKA	HABE-TSAHANA	VIDIN'NY ISANISANY	TENTINY	KAONTY PCOP
